Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Ny mpino kristiana sy ny fitaizana ny zanaka.

TANJONA :

- Zanaka matahotra an'Andriamanitra (Sal 111.10)
- Zanaka hendry (Oha 9.10);
- Zanaka mitombo ara-dalàna (Lio 2.52) : « Ho an'ny olona rehetra sy ny olona manontolo » ny Filazantsara.

I. FAHAFANTARANA NY HOE: ZANAKA

Mila mahafantatra tanteraka momba an-janany ny Ray aman- ZAZA:
– Nateraky ny Ray aman-dreny
– Fanomezana sarobidy indrindra nifanoloran'ny mpivady (noho ny fitiavana) avy amin'Andriamanitra.
– Zanaky ny olon-dehibe.
- Tsy manao herisetra na an-kolaka na mivantana.

Hoy ny mpandinika :

Ny zaza dia :
– Natao hilalao (4 volana- 1 taona): toy ny sakafo mampivelatra ny sainy ny lalao.

Tsy lalao intsony no ilazana azy rehefa mihoatra ny 15 taona fa Fialam-boly. Fialam-boly ?
⇒ Misy « but éducatif » ny kilalao samihafa :

1. Ankohonana no SEKOLY VOALOHANY.

2. Miantraika amin'ny ankizy ny fiainan'ny mpivady/ ny fianakaviana : Fianarana, Ho aviny, Toe-tsainy.

AM-BOHOKA : Ny 30% n'ny toetry ny Ray raisin'ny zaza. Raha vao miforona ny atidoha, misy ny atao hoe: "schema moteur" mitahiry ny toetry ny ray sy ny reny, ary mamolavola ny toetry ny zaza.

FAHATERAHANA: "zaza tsy nitomany teo am-pahaterahana" (enfant bleu): nisy dona nahazo azy, tara kokoa vao mahatakatra zavatra. Ny toetran'ny zaza dia miankina amin' ny fanirian'ny ray sy ny reny.

II. FITAIZANA EO AMIN'IZAO TONTOLO IZAO

1. ZON'NY ANKIZY:
(Juin, mois de l'enfance) :

2. DIDY FOLON'NY FANABEAZANA: (convention UNICEF)
Natao hanana :
1. Ankohonana (ray aman-dreny)
2. Anarana raha vao teraka
3. Sakafo ara-pahasalamana
4. Fitafiana (araka ny toetr'andro)
5. Fitsaboana sy fikarakarana (raha marary)
6. Trano fonenana (madio sy milamina)
7. Kilalao (ampiomanana mialoha ny amin'izay miandry)
8. Hianatra
9. Haneho hevitra (henoy ny zanatsika)

10. Fitiavan’ny ray aman-dreny (izay tokony ho fantany anarana)

Hoy ny mpandinika : psychologue:

1. Ny zaza tenenin-dava lasa mpamalivaly
2. Ny zaza kapohin-dava lasa mpiady lava
3. Ny zaza voasazy lava lasa diso lava
4. Ny zaza henoin-teny lasa mahay mihaino
5. Ny zaza omena sitraka lasa mahay mankasitraka
6. Ny zaza ankaherezina lasa be herimpo
7. Ny zaza miaina anaty filaminana lasa matoky olona
8. Ny zaza mahatsapa fahamarinana lasa manao ny marina
9. Ny zaza mahazo dera lasa mahatoky tena
10. Ny zaza miaina anaty fitiavana lasa tia namana

3. Psychologie :
Ny toetran’ny zaza dia miankina amin’ ny fanirian’ny ray sy ny reny.

Psychologue : manamarika arihina fa eo amin’
– Ny faha-7 taona, no mitsahatra ny asan’ny “schema moteur”
Koa Ilaina arahi-maso ireto:
• 4 volana: milalao, mandray (réception), mahare (audition), mahita (vision)
• 2 taona: firosoana amin’ny fahalehibeazana, fahamatorana – complexe d’Oedipe –éveil sexuel
• 3 taona: mpaka tahaka

• 4 taona: maherihery setra, mihanikanika
• 5 taona: be fanontaniana
• 6 taona: maha-jejo; ara-dalàna ny fandraisan'ny saina ny asany; taonan'ny mianatra
• 7 taona : taonan'ny fandinihana (tsy manaiky mora foana ny atolotra azy)
– Ny faha-8-12 taona : taonan'ny fanitsiana sy fampidirana izay tsy tafiditra teo aloha.
– Ny faha- 13-15 taona : taonan'ny miala sakana.
– Ny faha- 16-20 taona : crise d'adolescence
• 13-15 taona : ados précoce
• 16-20 taona : ados moyen
• + 20 taona : ados tardive (zaza nokenakenaina na nampihantaina)
Tia manandrakandrana, sahisahy, miantraika amin'ny saina ny fiovan'ny toe-batana, saro-kenatra, « influence », mihena ny fitiavana fianarana

III. INONA ARY NO VAHAOLANA HANANANA ZANAKA HENDRY ?

– Fahaiza-mihaino
– Fifampiresahana
– Fifanajana
– Fahadiovana
– Fahaizana mankasitraka.
– Fahaizana mandray sy manatona ny zanaka.
– Fiaikena fa diso na tsy nety ny natao .
– Fifehezam-bava
– Tsy fifampiandaniana na fiangarana.

IV. FITAIZANA ARAKA NY SORATRA MASINA

1. FAMAIZANA : Noho ny zon'ny ankizy sy ny ady amin'ny herisetra, tsy afaka mikapoka intsony ny ray aman-dreny, ny mpampianatra, ny mpanabe … Mazava anefa ny Soratra Masina :

— HEB 12.5-8

- Oha. 3.11,12).

— Mt 7.11
— Oha 13.24
— Oha 22.15
— Oha 29.15
— Efe 6.8
— Oha 23.13

⇒ FAMAIZANA : tsy midika hoe: hahatonga ratra, na fahafatesana, na takaitra.

2. FANAZARANA :

"Zaro amin'izay lalana tokony halehany ny zaza, Ka na rehefa lehibe antitra aza izy, dia tsy hiala amin'izany." (Oha 22/6)

3. FANAOVAM-BATISA NY ZAZA /

⇒ FANEKEN'NY BATISA = fanoloran-tenan'ny ray aman-dreny (modely mandrakariva ny ray aman-dreny)

Ny andrasan'ny zanaka dia ny « compréhension », izany hoe : miditra amin'ny ankehitrinin'ny ankizy,

mianatra manaraka ny fiainany (s'adapter), miezaka mahalala ny zava-misy momba ny ankizy.

FINTINA

Raha fehezina izany, dia vokatry ny fandraisantsika an'I Jesoa Kristy sy ny Fanahy Masina ao anatintsika (Imanoela= ao amintsika Andriamanitra). Mitarika antsika izany hahay hitsinjo sy hitandrina izay hataontsika eo anatrehan'ny ny fianakaviantsika, ny zanatsika, hahatonga fiadanana, fifaliana, famonjena ny hafa.

Noho izany, MODELY isika ray aman-dreny ka ho tsapan'ny ankohonana ny fahatahorana an'Andriamanitra (OHA 30.30) ary hahafahany manao asa soa (OHA 30. 20), miteny fahendrena sy mananatra (OHA 30. 26). FAHATOKISANA sy ny FANKASITRAHANA ary ny FITIAVANA no endrika fampaherezana andrasan'ny zanaka amintsika.